

ANTSAKAVIRO, AMBANIDIA, MANAKAMBAHINY

Tsy mihemotra amin'ny fandràran'i Prèfet ny vondron'ny kandida 11

Tsy mihemotra amin'ny fandràran'i Prèfet ny vondron'ireo kandida 11 omaly, niainga teo Antsakaviro ny diabe ampilaminana, nihazo an' Ambanidia ary tonga teny Manakambahiny. Nihamaro ny olona nanaraka ny diabe na kilometra nitsivitsy aza ny halavirandalana naleha. Nangorom-potsy ny nolalovan'ny hetsika, satria ny akanjo fotsy no ankamaroan'ny nanaovan'ireo mpilahatra. Na teo aza ny fandràrana ny hetsika rehetra, ankoatra ny fampielezan-kevitra mikasika ny fifidianana filoham-pirenena nataon'ny Prèfet-n'Antananarivo dia tsy nahasakana ny vondron'ny kandida izany. Efa niatrana teo Bel'Air ireo mpitandro ny filaminana maro. Nanaraka ny « route circulaire » nihazo



Ny vondron'ireo kandida 11 teny Manakambahiny.

an'Ankorahotra ireo mpanao fitakiana hiverenana amin'ny ara-dalàna, hisian'ny fifidianana madio, nizotra ampilaminana niakatra Ambanidina, ary nidina an'i Manakambahiny. Nifandimby nandray fitenenana ireo kandida teo anoloan'ny Cité des poir-

Manakambahiny. Teo mpanao fitakiana tatitra ny fihonon'ny Collectif des candidats, tamin'ireo masoivoho iraisam-pirenena teny Ankorondrano omaly, sy fanazavana ny fikasana ny hisambotra ny mpamily ny filoha Marc Ravalomanana, no nipo-

tra avy any Tsimbazaza ireo mpitandro filaminana maro be, ka dia tapaka teo ny fizaram-baovao sy fanentanana nataon'ireo kandida. Niala ampilaminana teny an-toerana ireo kandida sy ny mpanaradia azy ireo.

Isambilo

Antoko AFIMA an'i Serge Jovial Imbeh

Manatevina ny tolon'ny vondron'ny kandida 11 koa

Anisan'ny antoko politika manatevina ny tolon'ny vondron'ny kandida 11 ihany koa amin'izao fotoana, ny avy amin'ny antoko AFIMA : Antoko ny Fivoaran'ny Malagasy an'i Serge Jovial Imbeh. Tazana nandritra ny diabe ampilaminana nataon'ireo kandida ny mpikatroka avy amin'izany antoko izany teny Itaosy, nandritra ny hetsika niainga teny Ampandranomaly ihany koa. Nitondra sorabaventy, milaza ny fitakian'ny rehetra amin'izao, momba ny fifidianana koa izy ireo dia ny fitakiana ny hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara. Nanambara ny filoha nasionalin'ny antoko, Serge Jovial Imbeh fa : "ady sy tolona ny fanavotana tanindrazana izay taninjanaka. Mitaky fahadiovana amin'ny mialoha sy mandritra ary ao aorian'ny fifidianana ny an-



Serge Jovial Imbeh, filoha nasionalin'ny antoko AFIMA.

toko AFIMA. Izay mitambatra vato, fa izay misaraka dia fasika," hoy izy. Noho izany, hanampy hatrany ny tolon'ny vondron'ny kandida ny antoko AFIMA mandrapahatongany fandrahana dia ny fivalian'ireo fitakiana atao.

Marary saina

Ankoatra izany, naneho ny heviny mahakasika ny

fahasahian'ny filohan'ny Antenimierampirenena Christine Razanamahasoa, sy ny filohan'ny Antenimierandoholona teo aloha Herimanana Razafimahefa mijoro koa, ny filohan'ny AFIMA, nilaza izy fa: "mahatalanjona ny fomba fanaovana politika! Lazaina fa marary saina ny filohan'ny sénat dia nesorina. Izaon'ny indray dia lazaina fa marary saina ny

Filohan'ny Antenimierampirenena (PAN)! ka kasaina haongana koa. Fa izy ity ve rehefa tsy manaraka ny zavatra tianareo hatao dia marary saina daholo ny olona ? Tsy nisy olona anisan'ny fidèle mihoatra ny PAN, fa rehefa nahatsapa izy, fa misy ny olona sady endranger ny firenena dia andraikiny ny miteny amin'ny maha filohana andrimpanjakana azy. Andrimpanjakana roa izay ianareo no nametraka azy dia rehefa tsy manaraka baiko dia ahilika, fa tsy ny tombontsoam-pirenena no jerena. Farany: ny adala dia sarotra aminy mihintsy no miteny hoe adala izy, fa ny hafa foana no lazaizy fa adala," hoy ihany ny fanamarihana ataon'ity mpanao politika ity, mahakasika ny raharaham-pirenena ankehitriny.

Isambilo

Saoferan'ny filoha Ravalomanana

Karazan'ny nalaina an-keriny tao an-tranony ny vadiny

Karazan'ny nalain'ny mpitandro filaminana tsy nanao fanamiana an-keriny tao an-tranony teny Ambohipo omaly vao maraina, ny vadin'ny mpamily ny kandida filoha Marc Ravalomanana, izay nolazaina fa nanitsaka vehivavy ary namoy ny ainy teny Andavamamba. Ny horonantsary teny Andavamamba ny talata lasa teo anefa dia maneho mazava, fa tsy nisy vehivavy voadonan'ny fiaran'ny kandida filoha Marc Ravalomanana izany teny an-toerana tamin'ny andro iny. Mihevitra ireo manam-pahafana fa rehefa tsy hita ilay sofera dia ilay vadiny no natao sambo-dokotra. Za-

vatra tena tsy rariny ary tsy manaja ny zon'olombelona, satria araka ny vaovao azo teny Ambohipo, marary ity vadin'ny saoferan'ny filoha Ravalomanana ity, nefa dia izao karazan'ny nalaina ankeriny izao, zavatra mety hampihombo ny aretiny. Mahakasika ity raharaha ity, tsy nisy fitoriana nataon'ny fianakavian'ny maty ary mazava ny horonantsary, fa tsy nandona olona ny fiaran'ny kandida filoha Ravalomanana, noho izany tsy tokony hisy haha-voasaringotra ny saoferany.

Stefa



Ireo naka ny vadin'ny mpamily'ny kandida filoha Ravalomanana teny Ambohipo.

Ny Valosoa sy fakafaka

Zandarimariam-pirenena Ratsy toerana tanteraka eo anoloan'ny vahoaka ankehitriny

« Efa tsy azo ekena intsony », « Efa tsy izy intsony », sns... mitovy amin'izany no nivoaka ny vavan'ny vahoaka teny Itaosy sy izay nahita rehetra tamin'ny fampitam-baovao tamin'ny nataon'ny zandary teny Itaosy ny Alakamisy lasa teo. Ny dikan'izany efa tena niàla tanteraka tamin'ny fomba iheveran'ny olona ny zandary tanteraka ny zava-nisy. Tsy rariny intsony ny zavatra mamohitra nataon'izy ireo. Hatrany amin'ny tobim-pahasalamana fotozotra teo amin'ny Cité Itaosy no norarafana entona lakrimôzena manempotra. Vokany, zaza sy ankizy maro no sempotra, ankoatra ireo naratra. Toe-tsaina mirefara refa tsotra azy izany, satria amin'ny Malagasy izay marary andrianina, ary hajaina ny marary sy ny toeram-pitsaboana misy azy. Tsy namakian'ireto zandary mpihetraketraka ireto anefa izany, fa ny fanenjehana ireo vahoaka mpilahatra no hany tokana ao an-dohany. Moa va tsy kely saina izany, tsy afaka hanakatra intsony ny tsy tokony hatao, fa samy Malagasy no eto. Hafa ny ady any Moyen-Orient sy ireo firenena miady toy ny Adin'i Ukraine sy Russië, ohatra, izay tsy ankijery intsony ny sivily na sekoly na hopitaly. Any aza indraindray na tany miady tanteraka aza mbola voatsinjio ihany indraindray. Ny eto amintsika anefa, tsy tany miady akory, fa toy ny atao toy izany, tsy ankifidy izay tiana ho hasiana sy rarafana lakrimôzena rehetra. Fa ahoana marina ny fampianarana nomena azy ireny tany amin'ny sekolin'ny zandary tany, sy ny fandraisana ho mpianatra zandary? Raha izao hita izao aloha, dia misy lesoka lehibe na fahabangana, mba tsy ilazana hoe tsy mahay ny mpampianatra ao amin'ireny toerana ireny. Na ihany koa misy ny fivilian-dalana tanteraka, fa niàla tamin'ilay sary sy endrika tsara nomen'ny Kolonely Richard Ratsimandrava azy tany am-pananganana azy ny ankehitriny. Ratsy toerana eo anoloan'ny vahoaka tantetraka ankehitriny izy ireo, ary efa misy aza ny mampitovy laharana azy mihitsy izao amin'ny FRS sy GMP izay nangidy hoditra tamin'ny vahoaka Malagasy. Ireo lohany sasany mihitsy no matsatso ao amin'ny zandary, ary toa mahazo vahana aty amin'ny rafitra ambany izany. Misy ny efa misotro ronono amin'izy ireo, misy ny mbola am-perinasa izay mangidy hoditra amin'ny vahoaka, manomboka amin'ny sekreteram-panjakana Serge Gellé izay anisan'ny tompon-dakan'ny fitenitenenam-poana sy ny fanaovanaovam-poana tato ho ato, ny toa fiarovany zandary manao ratsy koa toy ny trangana zandary namono olona tany Antsohihy nefa tsy misazy hatreto. Manaraka ny jeneraly misotro ronono Richard Ravalomanana, na ny jeneraly Baomba, izay tsy mahalala menatra amin'ny fanekeny ny tsy fanarahan-dalàna misy. Ny prèfet izay manaotao foana koa, mamoaika didy tsy tonga volana ary tsy voaraka arak any tokony ho izy. Ny mpanapoaka lakrimôzena amin'ny tsy antony toa ny kolonely Tojo, ... Tsy lavina kosa anefa, misy ihany ny tsara amin'izy ireo, sy mba mety voataiza tsara sy nandray fiofanana tamin'ny fony sy sainy tsara fa hanompo marina ny tanindrazana sy hiaro ny vahoaka malagasy. Saingy ny hitan'ny vahoaka miharihary aloha no sary miseho ankehitriny, ary fandio iray siny tsy mahaleo ny fandoto iray tandroka, ka zary lasa maloto tanana avokoa izy rehetra imason'ny olona.

Sôh'son